Taom-baovao malagasy 2

**Rahoviana vao ho andro tsy fiasana ?**

Lalana diavin'ny firenena 3

**Vao mainka sarotra 62 taona nahazoana ny fahaleovantena**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 2 aprily 2022 Laharana 1281 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Bekotro maro holatrin'ny 1947 3

**Famitahambahoaka ny fila-zana fa mbola mahatratra 750 izy ireo ankehitriny**

Antananarivo Renivohitra 2

## Maloto i Vazahabe na nanadio tena aza



Mbola Rajaonah 3

## Nafindra any Imerintsiatosika ahiana ny ainy



Fikambanana AKD 7

## Mahavonjy ny rehetra ary manome asa ny tanora ny taxi-moto



Tokantrano tratry ny fandraraka 6

## Ny tsena rava ny vady nisintaka



Tsy fandriampahalemana any Menabe 6

**Disadisa eo amin'ny samy olom-boafidy no anisan'ny fotony**

Tsipy kanetibe « Grand Open FSBM » 8

**Eny Tongarivo indray ny fotoana anio sy rahampitso**

Daka kely

Arahabaina tratry ny fetin'ialahy omaly 1 aprily ry Boaikely tranon-dainga a !

Antananarivo Renivohitra

# Maloto i Vazahabe na nanadio tena aza

Mafanafana ny ao amin'ny kaominina Antananarivo ankehitriny, manoloana ny fitantana tsy mazava ataon'ny ben'ny Tanàna Vazahabe: Naina Andriatsitohaina. Ny alatsinainy teo, nandritra ny fanangan-tsaina fanaon'ny mpiasan'ny kaominina, sy ny mpitantana ny Tanàna nanoloana ny Hotel de Ville Analakely dia naneho ny tsy fahafaliany ireo mpiasa, ka nangataka ny fialàn'ny ben'ny Tanàna. Efa mahatsiaro mijaly ireo mpiasa satria ataon'ny ben'ny Tanàna toy ny mitondra orinasam-pianakaviana ny fitantanana ny mpiasa. Eo ihany koa ny famarotana ny zavatra tokony hataon'ny mpiasa, fanaovana antsojay maro samy hafa moa tsy tenenina intsony. Manaraka izany, nivory tamin'ity herinandro ity ireo mpanolotsaina ny Tanàna, ka ny lohalevitra niompanan'izany dia mikasika ny vola be 11 miliara ariary nindramina tany amin'ny CNAPS ; nisy ny fangataham-panazavàna nataon'ireo mpanolotsaina mikasika izany. Nandritra ny fifanazavàna teo amin'ny roa tonta dia nanazava ny mpanolotsaina Clemence Raharinirina, fa mazava be hoy izy ny nambaran'ny mpiasan'ny CNAPS, fa ny CUA no nindrana ny vola 11 miliara ariary tao amin'io orinasa mitsinjo ny be antitra io. Milaza anefa ny Ben'ny Tanàna Naina Andriantsitohaina, fa ny SMGD no nindrana ny vola, fa tsy ny CUA. Ny marina anefa, ny SMGD araka ny nambaran'ny mpanolotsaina dia 100% an'ny CUA tanteraka. Tao anatin'ny fandraisampitenenany dia niaiky ny ben'ny Tanàna Vazahabe Naina Andriatsitohaina, fa rahalahiny ilay Rabesahala mambra ao amin'ny filankevi-pitantanana miaraka aminy ao amin'ny SMGD sy ilay Razafindralambo iray amin'ireo CA ihany koa, dia tsy iza fa Talen'ny kabinetra ao amin'ny CUA ihany. Nodiany fanina kosa hoy Clemance Raharinirina ny fanontanian'ny mpanolotsaina hoe: omeo anay ny anaran'ireo mpametra-bola: actionnaires nefa teo anatrehan'ny mpanao gazety no nanontaniana azy izany. Koa mipetraka ny fanontaniana, inona no afenina? Araka ny nambaran'ny ben'ny Tanàna moa dia nahazo alalana hindrambola tamin'ny mpanolotsaina ny tenany. Manoloana izany hoy ny mpanolotsaina Clemence Raharinirina, rehefa napetrako ny fanontaniana hoe atsangano ary ny Tanan'ny mpanolotsaina manamarina, fa noresahana teto amin'ny filankevitra ilay trosa dia tsy nisy nanangana izy ireo. Mafana araka ny nambara tery ambony ny ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Mampidikizo ny kaominina ity orinasan'ny ben'ny Tanàna SMDG ity, ka mitaky ny hanafoanana io ny mpiasan'ny CUA.



*Ny tranon'ny CUA, maloto ny fitantanana, maloto ny tanàna.*

Nitafa tamin'ny fahilavitra vitsivitsy ihany koa ny ben'ny tanàna Vazahabe tamin'ity herinandro ity, nanadio tena sy nanilika ny hadisoany tamin'ny teo aloha. Mipetraka ny fanontaniana, nahoana izy no izao vao milaza izany raha nisy izany, ary nisy ihany koa ny fifamindra-pahefana taminy sy ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, koa tsy mitombina ny fanilihan'andraikitra amin'ny teo aloha nataon'i Vazahabe. Fehiny, maloto i Vazahabe na nanadio tena aza: mbola tsy voadiony ny tanàna, maloto ny fomba fitantanany ny Kaominina.

***Helisoa***

31 martsa 1992

# Notsaroina ireo Federalista namoy ny ainy tamin'ny diabe nataony

31 martsa 1992, notsaroina afak'omaly ireo Federalista namoy ny ainy tamin'ny diabe nataon'izy ireo, saika ho eny amin'ny Cemes Soanierana, nisy ny fikaonandoham-pirenena tamin'izany fotoana izany. « Feno 30 taona ny nahafatesan'ny namana federalista. Mahatsiaro anareo izahay federalista manerana an'i Madagasikara ». Io no teny voarakitra teo amin'ny fehezamboninkazo izay nentina nahatsiarovana sy nanomezam-boninahitra ireo martiora mahery fon'ny firenena, izay resy lahatra tamin'ny foto-kevitra fitsinjaram-pahefana federalista. Raha nandeha hanatitra ny lalampanorenana federalista tao amin'ny fikaonandoha tao amin'ny CEMES Soanierana ny ekipa izay notarihin'Andriamatoa isany Monja Jaona sy Laha Gaston ny 31 martsa 1992, dia nisy nitifitra vary raraka teo amin'ilay sampanan-dalana miakatra any amin'ny CEMES Soanierana iny. Namoy ny ainy avy hatrany i Tompokolahy Laha Gaston sy olona 8 hafa. Naratra mafy ary nitondra takaitra mandrapahafatiny kosa i Tompokolahy Monja Jaona sy olona 15 hafa. Ho tsaroina mandrakariva, tsy ho raraka an-tany ary ho tohizana ny tolona izay nataonareo. Mandria am-piadanana ry Ray aman-Dreny isany, hoy ny tenin'ireo nanatitra fehezam-boninkazo ny alakamisy teo, nahitana andRamatoa Eliana Bezaza, Tabera Randriamanantsoa, Pasitera Edouard Tsarahame, sy ny maro hafa,...



*Ny fanaterana fehezam-boninkazo teny Soanierana ny alakamisy teo.*

***Niaina***

Fifidianana filoha Frantsay

# Hifidy eto ireo Frantsay monina sy miasa eto Madagasikara



*Ny tranon'ny Masoivoho Frantsay etsy Ambatomena.*

Hifidy eto amintsika ihany, ireo Frantsay monina sy miasa eto Madagasikara. Nanambara ny Ambasadaoron'i Frantsa eto Madagasikara, fa hisy biraom-pifidianana hisokatra eto Madagasikara hahafahan'ireo teratany Frantsay miasa sy monina eto Madagasikara, manatanteraka ny latsa-batony. Miisa 12 ireo biraompifidianana ireo, izay hita manerana ny Nosy: 5 eto Antananarivo renivohitra, ary 7 kosa any amin'ny faritany hafa toa an'i Mahajanga, Fianarantsoa, Toliara, Antsiranana, Toamasina, Nosy-be, ary Antsirabe. Raha tsiahivina, ny 10 aprily ho avy izao no hanatanterahana ny fihodinana voalohany, ary ny 24 aprily 2022 kosa no hanaovana ny fihodinana faharoa amin'ity fifidianana ho filohampirenena Frantsay ity. Marihina fa ny Frantsay no anisan'ny vahiny voalohany, maro monina sy miasa eto Madagasikara.

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Taom-baovao malagasy

## Rahoviana vao ho andro tsy fiasana ?

Omaly no nanamarihana ny taom-baovao malagasy. Nisy ireo hetsika samihafa tamin'ny toerana samihafa nentina nankalaza izany. Efa misy isan-taona io fankalazana io, ary tsy hita ho miova ny zavamisy. Tsy eo amin'ny karazana hetsika nomanina sy ny mpikarakara loatra no tiana horesahina, fa eo amin'ny tsikaritra amin'ny fihetsiky ny fitondram-panjakana. Toa tsy hita manao fanentanana ho amin'izany tao anatin'izao 3 taona mahery naha teo amin'ny toerana azy ireo. Tsy hita izay fiaraha-mientany akaiky amin'ny mpikarakara, sa misy antony manokana? Ny manahirana ny saina ny mieritreritra azy, dia ity fitondrana ankehitriny ity, miseho ho tia tanindrazana ary vao nilaza aza, fa hampita ny fanilon'ny fitiavan-tanindrazana? Dia ahoana moa izany? Ny taom-baovao malagasy, dia mariky ny firaisankina ao anaty fanajana ny soatoavina maha malagasy sy maha izy azy ny firenena. Efa nisy hatrany amin'ny faha-mpanjaka izany, fa noezahin'ny mpanjanatany frantsay nokosehina, ka nametrahany ny fomba amam-panao frantsay. Niezaka namerina izany ireo mpandala ny maha malagasy, ary soa fa mbola nisy ireo mpitarika ireo ankehitriny manao izay hameloma-maso ny fomba malagasy toy izao. Mazava loatra fa mifandraika tanteraka amin'ny fitiavan-tanindrazana izany ary tsy tokony hatao ambanin-javatra velively. Hatraiza anefa ny fanomezan-danja ataon'ny fitondrana ankehitriny izao taom-baovao izao. Rahoviana no ho andro tsy fiasana? Hilaza miara-mahita raha hanambara izany, fa efa niverina isan-taona ny zava-misy, ary mandrapahoviana no ho toy izao? Handeha ila toy ny kiraron'i Beminahy ny fanentanana amin'ny fitiavan-tanindrazana raha mbola toy ny hita isantaona. Soa fa efa mba miha-mitombo, na dia mbola kely ihany aza izany, ireo malagasy izay misy hatramin'ny tanora, miha-mahafantatra izany taom-baovao Malagasy, sy miresaka kely izany, noho ny ezak'ireo mpikarakara sy mpandala ny soatoavina malagasy. Ireo no anisan'ny andry iray lehibe ho aroriaka tsy hahavery ny firenena sy ny taranaka any aoriana.

***Ny Valosoa***

Fiarahamonim-pirenena

# Vonona hifanome tanana amin' ny fanatontosana ny fifidianana

Naneho ny fahavononany hiara-hiasa sy hanaramaso ny zotram-pifidianana, izay hotanterahina amin'ny taona 2023, miaraka amin'ny Vaomieram-pirenena misahana ny fifidianana (Ceni ), ireo fiarahamonim-pirenena mikarakara ny fifidianana miisa 35. Nanao fanambarana tetsy Ampefiloha ny mpikambana ao amin'ity fiarahamonim-pirenena ity ny alarobia maraina teo ary vonona ny hanolo-tena amin'ny fanatanterahana ny asa rehetra, mba hisian'ny fifidianana madio , malalaka, mangarahara . Ankoatra izany, nanambara ny mpikambana amin'ny fiarahamonim-pirenena misehatra amin'ny fifidianana, fa vonona hanabe sy hanentana ny olom-pirenena, raha toa ka hiroso amin'ny fanovana manontolo ny lisi-pifidianana ny fitondrampanjakana ary hiara-hiasa amin'ny mpiara-miombon'antoka eto an-toerana sy avy any ivelany, amin'ny fandrafetana lisi-pifidianana madio sy eken'ny rehetra. Marihina fa efa manana ny fahaiza-manao amin'ny fiatrehana ny tontolon'ny fifidianana, nandritra ny taona maro ireto fikambanana ireo ary efa niantsehatra tamin'ny fifidianana maro, ka ny fisian'ny fitoniana arapolitika eto Madagasikara no tanjona.

***Franck Razakambelo***



*Fiarahamonim-pirenena misehatra amin'ny fifidianana.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Lalana diavin'ny firenena

# Vao mainka sarotra 62 taona nahazoana ny fahaleovantena

Mitatao amin'ny vahoaka malagasy ankehitriny ny ho fidangan'ny vidim-piainana goavana, manoloana ny ho fiantraikan'ny ady eo amin'i Rosia sy Ukraina. Ny vidin-tsolika no anisan'ny fototr'izany, kanefa eo ihany koa ny momba ny vary noho ny fanafarana izany ataon'ny fitondrana any ivelany. Efa miatrika fidanagan'ny vidim-piainana tsy nitsahatra ny vahoaka tato anatin'ny telo taona izao, ary efa mifafa ny kihony izy eo amin'ny fiainany andavanandro. Mbola hiha-mafy anefa izany raha hiseho tokoa iry voalaza tery aloha iry. Hatraiza ny hahazakan'ny vahoaka malagasy malaza mafy aina ity eo anoloan'izany? Ho hita eo, ary ny ampitso no hanambara izany.

Fa ankoatra izay, eo ihany koa, araka ny nambaran'ny manam-pahaizana samihafa momba izany, ny olana amin'ny mety rano hampisaina sy ny rano fisotro madio afaka taona vitsy ho avy. Mety hisy ny fihenan'izany be dia be vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana sy ny fiovaovan'ny toetrandro. Raha tsy misy ny fepetra hentitra raisina dieny izao amin'izany dia ho sahirana eto isika, raha araka ny fanazavana. Anisan'ny nambara ho ezaka atao sy mbola hatao ny amin'ny ho avy, dia ny fambolen-kazo. Hita ho tsy afaka firy anefa izany, fa miparitaka be ihany ny ezaka, ny voly efa natao tsy hita mazava izay fivoarany. Tsy lasa lavitra ny ezaka atao eto amin'ny firenena ny amin'io ary tena maivana, raha miohatra amin'ny vitan'ny firenen-kafa, toa an'i Rwanda na i Inde. Hatreto loza manambana ny firenena ihany koa izany tontolon'ny rano izany.

Hatreto, mbola tsy milamina ny ho avy tsaran'ny fanomanana fifidianana, raha manoloana ireo tsikera maro samihafa nataon'ny antoko mpanohitra momba ireo mpikambana ao anaty rafitra samihafa hisahana izany, toy ny Ceni sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana. Niaraha-nandre ny fanakianana momba izany sy ny mety tsy hampilamina ny fifidianana hotanterahana amin'ny taona 2023, kanefa hatreto tsy hita mazava izay fihetsiky ny fitondrana nandray izany kiana izany, sy nandray fepetra hisorohana ny amin'izay mety hisian'ny tsy filaminana ao anatin'izany.

Izany rehetra izany dia maneho, fa sarotra sy manahirana ny ho avin'ity firenena ity ho ao anaty fotoana fohy monja, ary santionany ihany ireo noraisina ireo. Nentina amin'ny lalan-tsarotra ny firenena ankehitriny, kanefa izany tena azo sorohina tsara avokoa.

***Sôh'son***

**BEKOTRO MARO HOLATRIN'NY 1947**

# Famitahambahoaka ny filazana fa mbola mahatratra 750 izy ireo no mbola velonaina



Nanomboka tamin'ny fahampanjaka dia nisy hatrany ireo mpamadika sy mpamahandalitra ny vahoaka. Matoa nandresy antsika malagasy ny frantsay dia nisy ireo mpiray firenena tamintsika nisolelaka tamimbazaha namoaka ny tsiambaratelo tao andRova, ary matoa koa tsy maintsy nilavo lefona ireo Menalamba dia teratany malagasy ihany no nitatitra ny fomba fiadin'izy ireo tany amin'ny mpanjanaka.

Rava ihany koa ny Vy Vato Sakelika na V V S satria nisy ireo mpiray firenena amintsika nandadilady nitatibolana tany amin'ny mpitondra frantsay ka nahatonga ny fampidirana amponja ireo mpitarika ny V V S .

Mikasika ny Raharaha 1947 dia mazava ho azy fa maro dia maro ireo mpamadika ny tolona, ny tantara rahateo dia misafotofoto, tsy fantatra intsony ny hoe Iza no namadika an'iza?.Fa dia mifampiampanga ny rehetra,ny azo amehezana azy dia resy isika, satria nahomby ny tetikadin'ny mpanjanaka ary niasa mafy ireo mpamadika .

Hatramin'ny taona 2009 dia nisy hatrany ireo mpamadika, anisan'izany ireo sasantsasany teo akaikin'ny Filoha Ravalomanana, izay voaporofo ny nataony tamin'ny fihaonana notanterahina teny amin'ny Le Hintsy Ambohimanambola, tsy tamin' iny ihany fa nandritran'ny fotoana tsy nahateto antoerana ny Filoha Ravalomanana dia maro ireo tanalahy niova loko;

Fa ny tena zava-doza dia ny afitsokin'ny fitondrana ankehitriny izay tsy tahotra tsy henatra fa dia mamadika ny tantara tsotr' izao amin'ny alalan'ny filazana, fa mbola misy 750 hono ireo nitolona tamin'ny 1947, izay famitahambahoaka ankitsirano fotsiny izany. Alaivo sary antsaina fa efa 75 taona lasa ny 1947, ka ny olona nitolona tamin'izany raha mbola misy velona dia 95 taona, raha toa ka 20 taona izy dia efa mpitolona, amintsika malagasy anefa ny fahelavelona na ''Esperance de vie'' dia manodidina ny eo amin' ny 80 na 85 taona eo eo raha be indrindra, azo isaina amin'ny rantsantanana ny mahatratra 90 taona mahery, fa na misy aza izany dia ankavitsiana sisa no mivoaka ny trano, fa dia efa mandreoka ampatana na efa tatazambava eo ampandriana, ny mahatsikaiky dia mbola misy ireo lazaina fa mpitolona fahiny mbola tonga mamonjy ny fanaterambonimkazo,mbo la afaka miresaka amin'ny mpanao gazety, ny fahitana an'ireny lazaina fa mpitolona ireny dia tokony ho 80 taona na 85 taona, izany hoe 5 taona na 10 taona izany dia efa mpitolona, misy mihitsy aza rah a ny fahitana ireo sasantsasany,dia teraka taorian'ny taona 1947.

Ny dikan'izany dia maro ireo mpisandoka, tsy dia omentsiny anefa ireo mpisoloky ireo satria kitapo latsaka ve tsy ho raisiny, fa matoa afaka manao izany fomba mamohehitra izany izy ireo dia manome vahana azy ireo ny fitondrana, izay mikaroka hatrany ny fomba ahazoana misehoseho ho manampy ny tia tanindrazana, kanefa ny fomba petatoko sy hevitra taingina toy izany dia vao mainka mamparefo ny firenena.

Noho izany dia antsoinany ''PAC" sy ny ''BIANCO", hanao fanadihadiana ny tena taonan'ireo milaza fa mpitolona, satria sady famadihana ny tantara no fandaniana tsy amin'ny antony ny volambahoaka, ary indrindra tokony ho saziana enjana ireo tompon'andraikitra nampanao ny hevi-dravina, inoana fa tsy ho sarotra ny manao ny fanadihadiana raha misy ny finiavana ahalala ny tena marina, ny azo antoka aloha dia azo isaina amin'ny rantsantanana sisa ireo mpitolona no mbola velona na mety efa lasa daholo.

Tena ilaina ny fanadihadiana satria mampalahelo isika malagasy, fa dia toa mahazo vahana hatrany ireo mpamadika ireo tena tia tanindrazana sy ireo mpanova ny tantara, ireny sokajin'olona ireny dia tokony ho faizina mafy eto amin'ny firenena.

***Ny Valosoa***

Mbola Rajaonah

# Nafindra any Imerintsiatosika, ahiana ny ainy



*Ny mpisolovava sy ny vadin'i Mbola Rajaonah, nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly, teny amin'ny 67 ha.*

Nafindra any amin'ny fonjaben'Imerintsiatosika faritr'Itasy afak'omaly, ny mpandraharaha Mbola Rajaonah, izay notazonina teny amin'ny fonjan'i Tsiafahy teo aloha. Ahiana tanteraka ny momba azy noho izany, indrindra ny fahasalamany, hoy ny vadiny, sy ny mpisolovava azy Eric Rafidison. Nitafa tamin'ny mpanao gazety ny mpisolovavany sy ny vadiny teny amin'ny PAC 67 ha omaly, nanao Fanairana hatrany momba ny toe-pahasalaman'i Mbola Rajaonah. Nilaza ny mpisolo vava azy, Eric Rafidison, fa: mbola tsy nivaly hatramin'izao ilay fangatahana natao, mba ho jeren'ny médecin spécialiste ny fahasalaman'i Mbola Rajaonah. Nolazaina azy ireo, fa mbola hanaovana contre expertise, ireo valin'ny analyse nataon'ny mpitsabo tamin'izany. Nafindra any amin'ny Prison de haute sécurité Imeritsiatosika i Mbola Rajaonah, kanefa tsy tokony handefasana olona mbola tsy voatsara any Imeritsiatosika, satria toerana natokana ho an'ny olona voatsara ho nanao heloka be vava sy mampididoza (criminels et dangereux). Nangataka ny tao amin'ny PAC ny mpisolovava, mba haverina any amin'ny toerana nitsaboina azy tany Tsiafahy i Mbola Rajaonah. Tsy afaka mahandro sakafo hohaniny ireo olona tazonina any, fa tsy maintsy izay sakafo omena nefa izy efa saika voapoizina tamin'ny sakafo "risqué d'empoisonnement" . Matahotra ny amin'ny ainy ny mpisolo vava azy. Mangataka mba hajaina ny droit civil, zo ho tsaraina, zo ho tsaboina. Ilay antony nandefasana azy any dia hoe any izy voatsabo tsara, nefa tsy misy dokotera any, fa mbola ratsy lavitra noho ny tany Tsiafahy ny fepetra famonjana any Imerintsiatosika.

***Helisoa***

**TONONKALO**

## Nankaiza ny Ben'ny tanàna ?

Nankaiza nankaiza ny ben`ny tanàna,
Fa toa marobe ny fampanantenana,
Kanefa tsy nisy tanteraka ireny
Fa lasa nanidina foana ho teny.

Ny fako sy loto efa tena mampihoaka,
Ary hivadika ho poizina hamono vahoaka.
Kanefa tsy taitra Ingahy ben`ny tanàna,
Fa fakana vola no mbola mafana !

Tsiahivina etoana ilay teny mavandy
Nataony tanaty propagandy,
Ka sahiny hatramin`ny nihirahira
Hoe atero an-tokonako ny zaoridira !

Mpivarotra, enjehina isa-maraina.
Tsy misy vahaolana mba antenaina,
Fa ny akamakama sy ireo be vola
No mahazo toerana eken`ny sola !

Ny lalana moa dia tsy hita holazaina,
Fa be lavadavaka mampitaraina.
Kanefa tsy misy izay mba fanarenana,
Fa ny eo ihany no tampintampenana !

Nankaiza nankaiza ny ben`ny tanàna
Fa toa izy indray no mandika lalàna ?
Tsy hita ho fianarana na ho modely
Fa lasitra iray amin`i Boaikely !

Nankaiza nankaiza ny ben`ny tanàna ?
Tsy mazavazava ilay hoe fitrosana,
Fa resaka tena misafotofoto
Natao hanodinana vola maloto !

Nankaiza nankaiza ny ben`ny tanàna ?
Ny mety aminao dia mametra-pialana.
Aza andrasana hipoaka ny sarom-bilany.
"Avereno ny vola, mialà avy hatrany ! "

***DADAN`i RIANA (30-03-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Fametrahana fehezam-boninkazo teny Soanierana, ho fahatsiarovana ireo Federalista namoy ny ainy, tamin'ny diabe nataon'izy ireo ho eny amin'ny Cemes Soanierana, tamin'ny 31 martsa 1992.**





**Ny mpisolovava sy ny vadin'i Mbola Rajaonah, nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly, teny amin'ny 67 ha.**





**Ny fankalazana ny taom-baovao Malagasy omaly, teny Ambohidrabiby, Antananarivo Avaradrano.**










# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo, Helisoa

**Sary, mbola akon'ny fifampiarahabana tratry ny taona, teo amin'ny solontenan'ny Vehivavy TIM Analamanga, tetsy Bel'Air ny faran'ny herinandro teo.**

















TSY FANDRIAMPAHALEMANA ANY MENABE

# Disadisa eo amin'ny samy olom-boafidy no anisan'ny fotony

Ny sabotsy lasa teo dia nidina ifotony tao amin'ny kaominina Ankilizato distrikan'i Mahabo, ny OMC Régional ato Menabe, izay notarihin'ny Préfet-an'i Morondava, Rafidison Fidèle, niaraka tamin'ny tompon'andraikitra misahana ny filaminanana, izay notron'ireo vahoaka marobe satria tato ho ato dia nahazo vahana ny fakana an-keriny tao Ankilizato, saika ho isan'andro. Ny zoma 25 Martsa dia zaza kambana roa no nisy naka an-keriny ka 12 tapitr'isa ariary no takian'ireo jiolahy.



*Anisan'ny fototry ny tsy fandriampahalemana any Menabe ny halatr'omby.*

Nandritry ny fidinana ifotony izao dia nisy ny fihenoana ny taraina sy sosokevitra avy tamin'ny vahoaka, ka nivoitra tamin'izany, fa isan'ny fototry ny tsy fandriampahalemana ao amin'ny kaominina ambanivohitra Ankilizato ny disadisa misy eo amin'ny ben'ny tanàna sy ny solombavambahoaka, satria tsy misy ny fifampiresahana ary tsy mahafehy ny mpomba azy ny andaniny sy ny ankilany ; eo koa ny olana misy eo amin'ny filoham-pokotany sy ny vahoaka, ka niroso tamin'ny fampihavanana avy hatrany ny Préfet nampihavana teo imason'ny vahoaka nifidy azy, ireo olom-boafidy roa ireo ary napetraka ny fepetra, mba hanafoanana tanteraka ny fakana an-keriny izao.

Voalohany, tsy mahazo mampiasa finday ny mpanara-dia ; tsy ekena intsony ny fandoavana vola amin'ny mpaka an-keriny ary izay tratran'ny fakana an-keriny dia tsy maintsy mampandre ny mpitandro filaminana ; tsy mahazo miverina ny mpanara-dia raha tsy mahazo vokatra ; tsy ekena ny fanaovan'ny zandary kolikoly, koa entanina izay mahita na hiharan'izany hiantso ny lehiben'ny tobim-pileovan'ny zandarmiaria Menabe, satria dia nanome ny laharan'ny findainy izy. Hatsangana koa ny andrimasom-pokon'olona isaky ny fokontany, farany dia hamafisina indray ny rafitra sy ny asan'ny dinan'i Menabe.

Samy vonona ny rehetra hanao tagnamaro, hametrahana ny fandriampahalemana, ka nazoto ireo vahoaka nandray fitenena ary tsy nisy ny elanelana fa samy naneho hevitra avokoa ireo sokajin'olona tonga teo .

Raha jerena ny faritra Menabe dia mbola hita hanjakan'izay tsy fandriampahalemana izay, na dia efa manao ny ainy tsy ho zavatra aza ny mpitandron'ny filaminanana, izay tsy mandry andro tsy mandry alina .

Ankilizato sy Belo sur Tsiribihina no tena manahirana ary raha jerena dia mitovy ny fototry ny olana, satria dia mbola tsy mifanaraka koa ny Ben'ny tanàna sy ny solombavambahoaka ao nefa dia samy IRD/IRK/Mapar ihany. Taorian'izao hetsika izao dia fakana an-keriny miisa 7 no ravan'ny mpitandro ny filaminana, ka olana 11 no avotra soa aman-tsara raha 6 kosa ny dahalo voatifitra.

Mbola mitohy hatrany ny hetsika ataon'ny mpitandro filaminana, raha efa milamina 95% koa ny ao Miandrivazo rehefa nanaovana hetsika tagnamaron'ny fandriampahalemana.

**Rajepa**

Fisolokiana

# Vehivavy iray 35 taona milaza ho mahay mampitombo vola

Asa fisolokiana, vehivavy iray 35 taona eo milaza ho mahay mampitombo vola, saingy voasambotry ny mpitandro filaminana tany Antsiranana faritra Diana. Milaza ho mahay mampitombo vola amin' ny alalan'ny vata kely ity vehivavy ity. Miresaka amin'ny olona izy ary mampiseho ny fahaizamanaony amin'ilay vata kely eo ary tena vola no ampiasainy amin'ny voalohany. Misy amin'ireo namany no miaraka mijery amin'ireo olona eo, ka mody gaga mahita ny zavatra ataony ary mamporisika ireo mpijery hanao izany. Lehilahy iray no tapa-kevitra nanao izany, ka nanatontona 2 tapitrisa ariary. Natao tao anaty vata kely ilay vola ary rehefa tratran'ny fandraikiraikena teo izy dia tsy hitany akory ny nanoloan' ilay ramatoa mpisoloky ilay vola tamina taratasy. Nolazain'ity ramatoa tamin'ilay lehilahy, fa tsy azo sokafana ilay vata kely raha tsy afaka 3 andro. Rehefa tonga ny fotoana nanokafana ilay vata kely dia taratasy mifono tsara no hita tao, ka teo vao tonga saina ilay lehilahy fa voasoloky. Nitory tany amin'ny Polisy avy hatrany ity farany, ka tratra ihany ilay ramatoa, mbola tadiavina kosa ireo mpiray tsikombakomba aminy ary ilay vola nosolokiany dia efa tsy hita teny aminy intsony . Mitohy ny fanadihadiana ataon'ny Polisy.





*Ilay vehivavy mpisoloky tratra.*

**Niaina**

Fitandroana filaminana

# Andron'ny zandarimariam-pirenena androany 2 aprily



*Ny toerana misy ny Toby Jeneraly Philibert Ramarolahy Betongolo.*

Ankalazaina androany 2 aprily ny andron'ny zandarimariam-pirenena. Toy ny fanao isan-taona tokoa, ankalazaina ny faha 02 aprily 2022 ny "ANDRON'NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA", ka etsy amin'ny Toby Jeneraly Philibert RAMAROLAHY etsy Betongolo, no hatao ireo hetsika samy hafa.

Ny teny filamatra entina ankalazana izany amin'ity taona 2022 ity dia ny hoe : "NAMANAO NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA".

Toy izao ny fandaharam-potoana eny Betongolo anio:

08h30 : fahatongavan'ny rehetra,
09h00 : fanombohana,
09h10 : fotoam-bavaka,
09h25 : kabary ifandimbiasana, fanokanana fotodrafitrasa nasiam-panavaozana, fitsidihana tranoeva.
10h30 : tafa fifanakalozan-kevitra.

Anisan'ny hasain'ny zandary amin'izany, ireo manam-pikasana hirotsaka hifanina ho mpianatra zandary, sy ireo hifanohana amin'ny Tagnamaron'ny fandriampahalemana.

Hisy ihany koa ny fankalazana izany, isaky ny Sekoly sy ny Fari-piadidian'ny Zandarimariam-pirenena manerana ny Nosy.

**Stefa**

Tokantrano tratry ny fandraraka

# Ny tsena rava, ny vady nisintaka

***Loza raha samy loza hoy ny mpijery fa fianakaviana nanana ny naha-izy azy ity tokantrano ity nefa toa potika sy rava fananana taty aoriana. Misy tokoa ve ny mosavy sa anjara indray io.***

Toy izao ny fandehan'ny tantara : mpila ravinahitra teto Antananarivo izy roa ireto. Namidy ny fananana tany Antsirabe ary nanorina fiainana vaovao teto andrenivohitra. Nahazo trano ary mbola nividy fiara ihany koa ka varotra no natao. Ny fiara namatsy entana, ny mpiasa maro no nanampy tamin'ny fanaparitahana ny entana. Nizotra ara-dalàna ny fiainana ary tsy nisy nahaory. Ny zanaka nianatra ara-dalàna, ny tsena niroborobo fatratra ary tsy nisy olana teo amin'ny mpiara-monina na teo amin'ny mpifanandrina. Ankoatry ny trano mantsy dia nahazo fitaovana samihafa ihany koa ary nisy mpiasa miandraikitra ny fanapariahana entana mihitsy. Tampoka teo nefa dia nihena ny mpividy, nanjary nidi-trosa satria tsy nety namerina ny vola ireo mpividy, ary manginy fotsiny ny ady tamin'ireo mpaninjara satria tsy nifanaraka intsony ny tadin-dokanga. Tsy vitan'izany fa na ny mpiara-monina aza dia nanjary nisy olana sy lasa ady no niafarana satria saiky hisaraka izy roa nefa samy nanana ny akamany. Sahirana izy roa ary teo vao vaky vava ity raim-piankaviana fa misy raha ao. Soa fa nahafantatra ny nomeraon'i mr Aina ilay rangahy 0382902668 sy ny O320279868 eny Ambonisoa Itaosy ka niantso azy avy hatrany.

**Tratry ny fandraraka izy mianakavy**

Vantany vao nihaona dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy: tratry ny fandraraka ny tokantranonareo hoy izy, ary tsy lavitra fa mpifanakaiky aminareo ihany io ary olona mpaninjara ny entanareo ihany. Natoky azy ianareo hoy izy ka nararaotiny ary azony avokoa ny momba anareo rehetra. Nafangarony tamin'ny fanfody ratsy io hoy izy ary tsy tafarina mihitsy ianareo raha tsy karakaraina. Teo noho eo ihany dia nesorina ny sakana, nodiovina izy mivady ary mbola nisy fombafomba natao ihany koa. Ny hery tsy mahaleo ny fanahy hoy ity mpitsabo ity fa Andriamanitra tsy resin'ny ratsy izany.

**Tafita izy mianakavy ary lasa mpanefoefo indray**

Raha toa ka efa nanana izy mianakavy no lasa banky ropotra dia niverina ny fananana ankehitriny. Ireo nankahala sy nanenjika dia lasa nanatona, ireo namaly ny volany dia namerina avy hatrany, ireo nisoloky sy nanao vava ratsy aza dia nifona ary nandohalika teo aminy. Tsy vitan'izany fa nisy olona nanolotra fanomezana tsy nampoizina ka nanomboka teo dia niverina ny fiainany, nanjary nahazo fiara sy trano ary lasa tsongoin'olombolo teo an-tanàna indray. Tafita ihany izy mianakavy na dia nenjehina sy saiky ho vonoin mihitsy aza. Izy indray izao no lasa deba amin'ny tanàna ary naingavian'ny olona ho ben'ny tanàna.

**Namana**

Aprily 2022

# Ho volan'ny autisme eto Madagasikara

Ny volana aprily dia natao ho iray volana ampahafantarana ny "autisme" eto amintsika. Noho ny tsy fahafantaran'ny maro fa ny "autisme" dia toe-tena ho entina mandra-maty, miseho amin'ny fikorontanana eo amin'ny lafiny fitenenana, fifandraisana amin'ny manodidina, ary eo amin'ny fihetsika dia toy ny fanao isantaona, ny fikambanana "Autisme Madagascar", izay fikambanana mikarakara manokana ny "autisme" eto Madagasikara dia hanatanteraka hetsika ho enti-mampahafantatra an'izany.

Amin'ity indray mitoraka ity dia hifantoka amin'ny fanentanana eny anivon'ny toeram-piasana, toeram-pivavahana, fikambanana,… no ataon'izy ireo. Eo ihany koa ny fisian'ny foire izay hahitana ireo mpisehatra amin'ny fandraisana an-tanana ny olona autiste. Anio 02 aprily kosa no andro maneran-tany natokana hanentanana momba ny "autisme".

**Rainilita**

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 26/03/2022 hatramin'ny 02/04/2022**

- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50 / 033 05 522 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09 / 034 24 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26 / 020 22 699 19 / 034 16 326 06

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1281-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### FIKAMBANANA AKD

# Mahavonjy ny rehetra ary manome asa ny tanora ny taxi-moto



*Ireo avy amin'ny fikambanana AKD.*

Manentana ny mpanolotsain'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, mba hanohana sy hampandany an'ilay tolo-dalàna ho fanarahan-dalàna, ny fitaterana "Taxi moto" eto andrenivohitra, na ny AKD (Association Kodiaran-Droa). Nilaza Andriamatoa Ramamonjisoa Fulgence filohan'ny Akd, fa hiezaka hiady amin'ny fisian'ny gaboraraka amin' ny rafitra kodiaran-droa ny fikambanana manomboka izao ary vonona hanatanteraka an'ireo fitsipika apetraky ny fiadidian'ny tanànan' Antananarivo, eo amin'ny resaka fitaterana olon-droa. Nanohy fanazavana ny filohan'ny AKD, fa hiarahiasa amin'ny Kaominina sy ny Polisim-pirenena, amin'ny fanisana ny kodiaran-droa ny fikambanana ary hamolavola "Badge" misy "Code barre" ho an'ny mpitatitra, mba hisorohana an'ireo mpitatitra mpanendaka sy mpangalatra "moto". Nanamafy Andriamatoa Ramamonjisoa Fulgence, fa mahavonjy olona ny fitaterana kodiaran-droa, manoloana ny fisian'ny faharatsian'ny lalana sy ny fitohanan'ny fiara ary sehatra iray, mba hahafahana manome asa ny tanora ity fitaterana ity, koa manentana ny mpisehatra rehetra hiditra amin'ny fikambanana. Efa nanomboka ny alarobia teo ny fivoriana nataon'ny mpanolotsain'ny tanànan'Antananarivo ary manantena ny fanohanan'ireto farany ny fitaterana kodiaran-droa ny mpitatitra "Taxi moto", mba hisian'ny fanarahan-dalàna amin'ity sehatra ity.

***Franck Razakambelo***

Fianarantsoa-Manakara

# 86 taona ny zotran-dalamby FCE

86 taona omaly, ny zotran-dalamby Fianarantsoa Côte Est (FCE), mampitohy an'i Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony, amin'i Manakara, renivohitry ny faritra Fitovinany. Ny 01 aprily 1936 tokoa no vita izany lalamby izany, nandritra ny fotoanan'ny fanjanahantany Frantsay teto amintsika. Teny filamatra tamin'izao fankalazana ny tsingerin-taonan'ny FCE izao ny hoe:" FCE, efa ela nitaterana,... sady mbola hianteherana". Iankinan'ny toekarena sy ny sosialin'ny mponina ao anelanelan'i Fianarantsoa sy Manakara tokoa ity zotran-dalamby ity, satria ahafahana mamoaka ny vokatra fanondrana samy hafa misy amin'izany faritra izany, toy ny kafe, ny jirofo, ny lavanila, ny letchi, sy ny voankazo isan-karazany misy amin'izany faritra izany toy ny akondro, sy ny maro hafa,... Ahafahana mampiditra ireo entana nafarana avy any ivelany, ka tonga any amin'ny seranan-tsambon'i Manakara koa izany zotran-dalamby izany. Fanirian'ny rehetra, indrindra ireo olona mipetraka amin'ny faritra lalovany dia mba ho ela velona hatrany ity FCE ity.

***Aly***




*Ny zotran-dalamby Fianarantsoa Côte Est (FCE).*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 389**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0388)

***Mitsivalana***
- Kapiteny
- Asa – Fa (miv)
- Ralambo
- Alina
- Tan‡na
- Tevika (miv)
- Aloa – OMS

***Mitsangana***
- Karatra
- Lasa (miv)
- Palitao
- Anaka
- Tomany
- Avo
- Nao – Nem
- IF – Star (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 389




**Mitsivalana**

**1.** Mandeha tsirairay mifandimby **2.** Mari-bola – Loko – Anelanelan'ny fito **3.** Fito andro **4.** Toeram-piasana – Bibilava (miv) **5.** Solfa – Tolona **6.** Manao ahoana **7.** Volana (miv) – Vorona **8.** Farihy lehibe (miv) – Tovona (miv) **9.** Ranomasimbe – Taova **10.** Lasa tsy nisy fanantenana – Tanan-dehibe

**Mitsangana**

**A.** Heloka **B.** Tokana – Marika **D.** Mpanoritra – Mampifankatia olon-droa (miv) **E.** Ao anatinareo ireo **F.** Laoka – Rano maloto **G.** Teny fanandratana (miv) – Maimbo sy masiso **H.** Omby – Maro loko **I.** Raim-pianakaviana – Haja sy voninahitra (miv) **J.** Nianjera, rava **K.** Akora – Teny ratsy

### Valiny Teny mifanaraka 0388

**Mitsivalana**

**1.**Gorodona **2.** Alimo - Sy **3.** Tanimbary **4.** Andrianina **5.** Rora - Divay (miv) **6.** Vata (miv) **7.** Fanina (miv) **8.** Anana - Lova (miv) **9.** Fa - Amalona (miv) **10.** Ony - Aminay

**Mitsangana**

**A** Gitara - Afo **B.** Nanatona (miv) **D.** Randrana **E.** Oliravina **F.** Dimy - Nana **G.** Ombaina - OM **H.** Noana - Faly **I.** Rivo - Van(o) **J.** Siny - Zoma **K.** Fy - Ady - Lay

## NY TENY FIAINANA

*"Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay; fa raha ny faminaniana, dia ho levona; na ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra; na ny fahalalana, dia ho foana".*
***I Korintiana 13:8***

BAOLINA KITRA MALAGASY

# Misavorovoro tanteraka ny fitantanana azy

Tamin'ny andron'ny alakamisy 31 martsa 2022 dia fitantanana roa miavaka tsara, no fantatra fa miandraikitra ny Federation Malagasy de Football, satria ny mpitantana ilany nosoloin'ny filoha lefitra voalohany ao amin'ity rafitra ity, sy ny SG ao aminy dia nantsoin'ny Fifa nanatrika ny " 72ème Congrès de la FIFA " any Doha Qatar" ary ny mpitantana iray hafa kosa, notarihan'ny filoha lefitra fahatelo ao amin'izany FMF izany sy ireo kômity mpanantanteraka miaraka aminy ary ireo filohan'ny ligim-paritry ny baolina kitra miisa 21 dia nanatanteraka fivoriambe (AG) tetsy amin'ny kianja Barea Mahamasina tamin'io andro io ihany koa ary nanendry SG vaovao ho ao amin'ity FMF ity. Dia ho hita eo izay hambaran'ny FIFA marina mikasika an'izany resaka rehetra izany.



*Ny biraon'ny FMF eny Isoraka.*

**Rainilita**

Baolina kitra

# Nampita vaovao maromaro ny Orange Pro-League 2021/2022

Nampita vaovao maromaro tamin'ny mpanao gazety, teny Ambodivona ny alakamisy teo, ny mpitantana ao amin'ny CFEM notarihan'ny filohany.
Fantatra tamin'izany fa :
-Miditra amin'ny dingana famaramparanana azy ny fifaninanana "Orange Pro League 2021/2022" ankehitriny, ka navoakan'izy ireo ny ny fandaharampotoana raikitra manomboka amin'ny dingan'ny 1/4-dalana, ka hatramin' ny lalao famaranana.
Mikasika ny dingan'ny 1/4-dalana, na "Playoffs" dia ho tanterahina amin' ny 10 aprily 2022 ho avy izao ireo lalao mandroso, hifanandrinan'ireo ekipa 8 tafita hiatrika an'izany. Kianja 4 no hanatanterahana an'izany, izay samy hanomboka amin'ny 2 ora 30 tolakandro avokoa :
-Kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass" : Disciples Fc # As Fanalamanga,
-Kianja "Terrain Stnthétique Mahitsy" : Cosfa # Cffa,
-Kianja « Stade Moderne Ampasambazaha » : A.Dato Fc # Fosa Juniors Fc,
-Kianja « Terrain Synthétique Tsiroanomandidy » : Ajesaia # Elgeco Plus.



*Ny CFEM teny Ambodivona.*

Amin'ny 23 sy 24 aprily 2022 kosa, no hanatanterahana an'ireo lalao miverina, mbola samy amin'ny 2ora 30 tolakandro daholo ihany :
23 aprily :
-Kianja « Barikadimy Stadium Toamasina » : As Fanalamanga # Disciples Fc,
24 aprily :
-Kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass" : Cffa # Cosfa,
-Kianja "Stade Rabemananjara Mahajanga" : Fosa Juniors Fc # A.Dato Fc,
-Kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass" : Elgeco Plus # Ajesaia.
Ireo ekipa 4 tafita amin'io dingana 1/4-dalana io, no hiatrika ny lalao manasadalana mandroso sy miverina amin'ny 7 sy 8 ary amin'ny 21 sy 22 mey 2022 ho avy izao.
Ny lalao famaranana kosa dia hatao amin'ny alahady 29 mey 2022, hangatahana amin'izany ny kianja Barea Mahamasina, ka izay tafavoaka ho mpandresy amin'izany, no ho tomponkan'i Madagasikara 2021/2022, hisolotena an'i Madagasikara amin'ny fifaninanana "Champions League de la Confédération Africaine de Football (CAF)".
Lelavola mitentina 53 000 000 ariary no hozaraina amin'ireo klioba miisa 16 nandray anjara tamin'ity OPL 2021/2022 ity, ka tsy latsaky ny 14500000 ariary no hatolotra ho an'izay tompondaka ary 7500000 ariary kosa ho an'ny "Vice-champion".
Nambaran'ny CFEM teny Ambodivona tamin'io fitafana tamin'ny mpanao gazety io ihany koa, fa hikarakara hetsika vaovao izy sy ny mpiaramiombon'antoka aminy amin'ity taom-pilalaovana 2021/2022 ity antsoina hoe : "League Cup", hotanterahina amin'ity volana aprily sy mey ary jona 2022 ity izany.
Farany dia nifanarahan'ny CFEM sy ny SG ao aminy Rakotoharimalala Mirado, fa hitsahatra amin'io asa sahaniny io izy noho ny antony ara-pahasalaman' ity farany. Ny « Directeur du Bureau de la CAF à Madagascar », Rakotomalala Stan no hisolo toerana azy vonjimaika «Par Intérim ».

**Rainilita**

Tsipy kanetibe « Grand Open FSBM »

# Eny Tongarivo indray ny fotoana anio sy rahampitso

Mitohy ny fifaninanana rehetra ao anaty « calendrier" efa navoakan'ny FSBM mandram-pahazoana ny valiny ofisialy, avy amin'ny FIPJP ny amin'ireo fifampiraharahana nataon'ny filohan'ny FSBM manoloana ny zava-niseho eo amin'ny taranjam-panatanjahantena tsipy kanetibe eto amintsika.
Hisy ny fifaninanana "Grand Open" hatao anio sabotsy 2 sy rahampitso alahady 3 aprily 2022, izay misokatra ho an'ny rehetra tsy misy fitsirihana kara-pilalaovana, ho tanterahina eny amin' ny boulodrôme Fitaratra eny Tongarivo Tanjombato, ka anio sabotsy amin'ny 10 ora no fanipazana ny "bouchon" voalohany.
Ho an'ireo ekipa 5 misoratra anarana voalohany dia mahazo fanomezana avy amin'ny mpanohana, TELMA.
Ny club 5 manoratra ekipa ho solontena betsaka indrindra dia mahazo fanomezana avy amin'ny mpanohana, THB.
Marihana fa ho 50.000 Ar isaky ny olon-telo miaraka, no haloan'ny mpifaninana eo amin'ny sokajy lehilahy, izay hahazoan'ny voalohany amboara kalisy sy lelavola 2.000.000 Ar. Lelavola mitentina 1.000.000 Ar kosa ho an'ireo mitana ny laharana faharoa ary lelavola 200.000 Ar avy ho an'ireo ekipa faha-3 sy faha-4.
30.000 Ar kosa no haloan'ireo olon-droa miaraka vehivavy handray anjara, ka mety hahazoan'izay ho voalohany amboara kalisy sy lelavola 400.000 Ar, ny faharoa kosa dia hahazo 20.00 Ar ary ireo ekipa faha-3 sy faha-4 dia samy hahazo avy 100.000 Ar.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Anandrano sy henakisoa indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody nify natoraly amin'ny goavy sy ny raviny

Fanafody nify natoraly amin'ny goavy indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Aza adinoina fa tsy tsara loatra ny manala nify matetika, fa mampihena herim-batana izany. Ny hatao hitsaboana ny nify marary:
ZAVATRA-ILAINA :
-Ravina goavy mbola maitso.
FOMBA-FIKARAKARANA-AZY
-Alaina ny ravina goavy mbola maitso miisa 5 dia totoina avela hivoaka rano, izay vao azo ampiasaina.
FOMBA-FAMPIASANA-AZY
-Rehefa marary be iny ilay nify dia araraka ao anatiny ao ny ranon'ny ravina goavy teo, ka avela hilona ao mandritra ny 20 minitra eo ho eo, izay vao manontsambava amin'ny rano matimaty.
FAHARETAN'NY FANAOVANA AZY
-Mandritra ny 3 andro misesy dia maty ireo bibikely na olimanara, izay mamparary ny nify.
FANAMARIHANA
-Mazava ho azy fa tsy maintsy nify efa loaka ihany no afaka ampiasana ity akora natoraly ity. Marihina fa tsy maintsy tapenana coton na landihazo raha nify ambony no marary, mba tsy hiraraka ireo akora natoraly.
Aza adinoina fa tsy maintsy hatao in-3 isan'andro anaty nify marary teo ity fanafody natoraly ity.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Maintirano, distrikan'i Maintirano faritra Melaky



Ny tanànan'i Maintirano, distrikan'i Maintirano renivohitry ny faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'i Maintirano ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'I Maintirano ity tanàna ity. Any amin'ny faritra andrefan'i Madagasikara no misy azy, 600 km eo miala ny renivohitra Antananarivo. Ny 200 km mihazo an'i Maintirano dia vita tara hatreo Tsiroanomamdidy, fa lalan-tany manonosarotra kosa rehefa fahavaratra ny mandeha aminy, ny 400 km. Ny Maintirano dia avy amin'ny teny hoe: maito: tapaka, sy rano, izany hoe rano tapaka fa tsy rano maity akory. Tapaka ny lalana mankany an-ranomasina rehefa miakatra ny ranomasina, izay no nahatonga io anarana io. Amoron-dranomasina sy iva toerana izy, 12 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Maina any rehefa volana mey ka hatramin'ny oktobra, be orana kosa ny volana oktobra ka hatramin'ny volana aprily. Manana seranam-piaramanidina i Maintirano. Mpamboly, mpiompy, mpanjono, mpivarotra, mpiasam-panjakana sy mpiasa amin'ny tsy miankina ny mponina any. Sakalava ny mponina any, saingy hita any Maintirano avokoa ny olona avy amin'ny lafivalon'ny Nosy.